# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Jolay 2018

**6** **Zoma**
jolay

**Sambatra izay voavela ny helony sy voasarona ny fahotany.** Romana 4. 7

**Sambatra ... ny mihaino ny tenin'Andriamanitra ka mitandrina izany.** Lioka 11. 28

## Tokony hampisongadina hatrany ny „lafitsaran-javatra" ve ?

„Mampisongadina ny lafitsaran-javatra", izany no fiteny ankehitriny mba hampirisihana hijery indrindra indrindra ny lafiny tsara amin'ny zava-mitranga. Eo amina tontolo toy izao iainantsika izao, tontolo iangonan'ny vaovao ratsy maro isanandro, dia mahatsapa ny olona, hoe mila mampisongadina ny lafitsaran-javatra. Saingy raha milaza hoe sambatra sy faly, kanefa tsy miraharaha an'Adriamanitra, dia mivelona amin'ny nofinofy ihany. Hoy ny Baiboly amintsika : „Fa misy tombony lehibe tokoa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra omban'ny fianinana" (1 Timoty 6. 6). Ny hoe toe-panahy araka an'Andriamanitra dia ny fananana fifandraisana feno fahatokiana amin'Andriamanitra, sy ny firaiketana amin'izay lazainy amintsika ao amin'ny Baiboly. Loharanom-pahasambarana ho antsika izany, raha ampy ho antsika !

Misy te handray anjara amin'ny fanatsarana izao tontolo izao, ka miresaka momba ny fampianarana ao amin'ilay „toriteny tany an-tendrombohitra", ary indrindra momba ireo „fahasambarana" ilazan'i Kristy karazan'olona sivy hoe „Sambatra", nefa tsy miaina foana anaty toe-javatra mora, saingy manankina kosa ny momba azy amin'Andriamanitra (Matio 5. 1-12).

Azo lazaina ve hoe nampisongadina ny lafitsaran-javatra ny Tompontsika, araka ny fandraisana io fiteny io ankehitriny ? Ao amin'ny Filazantsara araka an'i Matio, dia ireo fahasambarana ireo no fampianarana voalohany ataon'ny Tompo. Tatỳ aoriana anefa, nandà azy ny vahoaka satria tsy nahazaka ny hafatra mifono fitiavana sy fahamarinana nentiny, ka nanjary nanonona „loza" fito Izy (toko 23).

Andriamanitra dia tsy manatsaratsara ny endrika ivelany eo amin'izao tontolo izao, satria tsy mifanaraka amin'ny zavamisy izany. Tsy misy zavatra tsy hainy tombanana. Ny mampisongadina ny lafintsaran-javatra ao anaty nofinofy dia mitarika ho amin'ny fahoriana. Fa mifanohitra amin'izany, ny miaiky hoe very aho eo anatrehan'Andriamanitra sy mandray ny fahasoavany ao amin'i Jesosy, no lalana azo antoka fa hahitana sy hampisehoana ny tena fahasambarana.